



FIARAHA-MIVAVAKA TALATA 8 SEPTEMBRE
Pasteur Seth RASOLONDRAIBE

Lohahevitra: "L'homme et la femme"
MAT 19.1-15

Amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka sy ny Fanahy Masina

HIRA 283.1-2-3

Teny fampidirana ny texte du jour == >>

HIRA 283.4-5

Vakiteny 1 Mat 19.1-3

1Ary rehefa vitan'i Jesosy izany teny izany, dia niala tany Galilia Izy ka nihazo ny lalana teny an-dafin'i Jordana, dia tonga tany amin'ny sisin'i Jodia. 2Ary nisy vahoaka betsaka nanaraka Azy, dia nahasitrana azy teo Izy.

3Ary nisy Fariseo nanatona Azy, dia naka fanahy Azy hoe: Mahazo misaotra ny vadiny va ny lehilahy noho izay rehetra entiny iampangany azy na inona na inona?

Fanazavana Fohy

HIRA 612.1-2

VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA
Fifonana

VAVAKA MPITANDRINA.....

VAKITENY 2. Mat 19.4-6

4Ary Izy namaly ka nanao hoe: Tsy mbola novakinareo va ny teny, fa Izay nahary azy tamin'ny voalohany dia nahary azy ho lahy sy vavy (Gen. 1. 27), ka dia nanao hoe: 5Ary noho izany ny lehilahy dia handao ny rainy sy ny reniny ka hikambana amin'ny vadiny; ary dia ho nofo iray ihany izy roroa. (Gen. 2. 24)? 6ka dia tsy roa intsony izy, fa nofo iray ihany. Koa amin'izany, izay nampiraisin'Andriamanitra dia aoka tsy hampisarahin'olona.

Fanazavana fohy

HIRA 612.3
VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA
VAVAKA MPITANDRINA.....

VAKITENY 3. Mat 19.7-12

7Hoy ireo taminy: Nahoana ary Mosesy no nandidy hanome taratasy fisaoram-bady sy hisaotra azy? (Deo. 24. 1). 8Ary hoy Jesosy taminy: **Ny hamafin'ny fonareo no namelan'i Mosesy anareo hisao-bady**; fa tamin'ny voalohany dia tsy mba toy izany. 9Fa lazaiko aminareo: Na zovy na zovy no misaotra ny vadiny, afa-tsy noho ny fijangajangana ihany, ka mampakatra ny hafa, dia mijangajanga; ary izay mampakatra ny voasaotra dia mijangajanga koa. 10Dia hoy ny mpianatra taminy: Raha izany no toetry ny lehilahy amin'ny vadiny, dia aleo tsy manambady. 11Fa hoy Izy taminy: Tsy ny olona rehetra no mahay mandray izany teny izany, fa izay nomena ihany; 12fa misy **ionoka**, izay teraka ionoka hatrany an-kibon-dreniny; ary misy ionoka, izay nataon'ny olona ionoka; ary misy ionoka, izay nanao ny tenany ionoka noho ny fanjakan'ny lanitra. Aoka handray izany izay mahay mandray.

Fanazavana fohy

Hira 612.5
VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA

VAVAKA MPITANDINA

VAKITENY 4. Mat 19.13-15

13Ary tamin'izany dia nisy zazakely nentina teo amin'i Jesosy mba hametrahany ny tànany sy hivavahany ho azy; fa ny mpianany niteny mafy ireny. 14Nefa Jesosy kosa nanao hoe: Avelao ny zaza, ary aza raràna tsy hanatona Ahy; fa an'ny toa azy ny fanjakan'ny lanitra. 15Ary nony nametraka ny tànany taminy Izy, dia niala teo.

Fanazavana Fohy:

HIRA 612.6
VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA

MALALAKA

VAVAKA MPITANDINA + VAVAKA NAMPIANARIN'NY TOMPO

Teny FANDRAVONANA

Heb 13.4

Aoka hanan-kaja amin'ny olona rehetra ny fanambadiana, ary aoka tsy ho voaloto ny fandriana; fa ny mpijangajanga sy ny mpaka vadin'olona dia hohelohin'Andriamanitra.

HIRA 338

TSO-DRANO